Izay ambaran'ny Baiboly momba ...

# Ny anjely



**Izay ambaran'ny Baiboly momba ...**

# Ny anjely

JCK

Novokarina sy navoakan'ny : Henoy ny Baiboly
Fanontana laharana : 036
D.L.I. : Marsa 2016
Tél : 033.15.552-35
mail : henoynybaiboly@gmail.com

# TOPIMASO


IZA IREO ANJELY ?.............................................................3

AHOANA NY TOETOETRANY ?..................................................3

AHOANA NY ENDRIKA ISEHOANY ? ..........................................3

INONA NO MAMPIAVAKA IREO ANJELY ?....................................7

INONA NO FIHETSIKA TSY TOKONY HATAON'NY OLOMBELONA MANOLOANA NY ANJELY ? ........................................................11

NY ASA FANOMPOAN'NY ANJELY ............................................12

NY ANJELY TEO AMIN'NY FIAINAN'NY TOMPO JESOSY...............14

NY ISAN'NY ANJELY ..........................................................24

NY AMBARATONGAM-PAHEFAN'IREO ANJELY............................25

KARAZAN'ANJELY ROA MIFANOHITRA......................................31

FEHINY ...........................................................................36

# IZA IREO ANJELY ?

Ny anjely dia zava-manana aina noforonin'Andriamanitra talohan'ny fahariana ny tany, araka ny hita ao amin'ny fanontanian'Andriamanitra tamin'i Joba hoe : "*Taiza ary ianao, fony Aho nanorina ny tany … raha niara-nihira ny kintan'ny maraina, ary nihoby avokoa ireo zanak'Andriamanitra* (ireo anjely) *?*" (Joba 38. 4, 7). Ny anjely izany dia zava-manana aina miavaka amin'ny olombelona, voary any an-danitra izy ireo.

# AHOANA NY TOETOETRANY ?

Ny anjely dia azo oharina amina fanahy, izany hoe tsy manana vatana azo tsapain-tanana, satria ny fanahy tsy mba manana nofo sy taolana. Amin'ny maha izy azy, dia tsy hitan'ny masontsika olombelona izy, afa-tsy rehefa mitaky ny ahitana azy ny iraka ataony.

# AHOANA NY ENDRIKA ISEHOANY ?

Ny Baiboly dia tsy milaza mazava ny endriky ny anjely. Nefa rehefa miseho amin'ny olombelona ny anjely, indrindra rehefa hitondra hafatra, dia manana endrik'olombelona :

- **Miseho toy ny manana vatana izy ireo, matetika manao akanjo mamirapiratra**

Ohatra, fony nitantara tamin'i Petera i Kornelio hoe nisy anjely niseho taminy raha iny nivavaka iny izy, dia hoy izy : "*Indro, nisy lehilahy niakanjo akanjo mamirapiratra nitsangana teto anatrehako ka nanao hoe : Ry Kornelio, efa re ny fivavakao,ary efa tsarovana eo anatrehan' Andriamanitra ny fiantranao*" (Asan'ny Apostoly 10. 30-31).

Ohatra hafa, tamin'ny fotoana nitsanganan'ny Tompo Jesosy tamin'ny maty :

- "*Nisy anjelin'ny Tompo nidina avy tany an-danitra, dia nankeo ka nanakodia ny vato, dia nipetraka teo amboniny. Ary ny fijery azy dia tahaka ny helatra, ary ny fitafiany fotsy tahaka ny orampanala ; ary ny mpiambina nivadi-po noho ny fahatahorana azy ka tonga tahaka ny maty*" (Matio 28. 2-4).
- "*Ary raha niditra tao anatin'ny fasana izy, dia nahita zatovo anankiray nipetraka teo amin'ny ankavanana niakanjo akanjo fotsy, dia talanjona izy. Fa hoy ilay zatovo taminy : Aza talanjona ; mitady an'i Jesosy avy any Nazareta, Izay nohomboana tamin'ny hazofijaliana, ianareo ; efa nitsangana Izy ; tsy ato Izy ; jereo fa teo no nametrahany Azy*" (Marka 16.5-6).

**➲ Ny anjely dia mety hiseho toy ny lelafo**

Maka io endrika io izy ireo, ohatra, rehefa hiady ho an'ireo zanak'Andriamanitra na rehefa hampihatra famaizana. "*Ary ny anjely dia ilazany* (ilazan'Andriamanitra) *hoe : Izy manao ny anjeliny ho rivotra, ary ny mpanompony ho lelafo*" (Hebreo 1. 7).

Rehefa hiverina eto an-tany ny Tompo Jesosy mba hampihatra ny famaizana ireo fahavalony, ary hametraka amin-kery ny fanjakany arivo taona, dia hiseho eo anilany ireo anjely. Aoka homarihina fa ny mpaminany Isaia dia efa nanambara ny hahatongavan'izany andro izany, toy izao : "*Fa, indro, Jehovah ho avy amin'ny afo, ary tahaka ny tadio ny kalesiny, mba hanao famaliana amin'ny fahatezerany mirehitra sy ny fitenenany mafy amin'ny lelafo. Fa ny afo sy ny sabany no hoentin'i Jehovah hifandahatra amin'ny nofo rehetra ; ary ho maro ny voaringan'i Jehovah*" (Isaia 66. 15-16).

**➲ Ny anjely dia mety hiseho toy ny tafika lehibe**

Nandritra ny ady natao tamin'ny Syriana, tamin'ny andron'i Elisa, izay lehilahin'Andriamanitra, dia izao no voalaza : "*Ary rehefa nifoha marainakoa ny zatovon'ny lehilahin'Andriamanitra ka nivoaka, dia, indreo, nisy miaramila sy soavaly ary kalesy manodidina ny tanàna. Dia hoy ilay zatovo taminy : Indrisy, tompoko ! Ahoana no hataontsika ?*

*Ary hoy Elisa : Aza matahotra ; fa ny momba antsika* (ny anjely) *dia be noho ny momba azy. Ary Elisa nivavaka hoe : Jehovah ô, mifona aminao aho, ampahirato ny masony mba hahitany. Ary Jehovah nampahiratra ny mason'ilay zatovo ; ary dia nahita izy, ka, indro, ny tendrombohitra feno soavaly sy kalesy afo manodidina an'i Elisa*" (2 Mpanjaka 6. 15-17).

✦Elisa dia tsy maintsy nangataka tamin'i Jehovah mba hamela ny mpanompony hahita ny tontolo tsy hita maso, ary hitany tokoa ny tafika avy any an-danitra —ny anjely— vonona hiady amin'ny Syriana.

**➲ Ny anjely dia mety hiseho maro be avy any an-danitra**

Momba ny nahaterahan'i Jesosy, dia mamaky isika hoe : "*Ary nisy anjely maro be avy any an-danitra niseho tampoka niaraka tamin' ilay anjely teo ka nidera an'Andriamanitra nanao hoe fiadanana ho etỳ ambonin'ny tany amin'ny olona ankasitrahiny*" (Lioka 2. 13-14).

**➲ Ny anjely dia mety haka endrik'olombelona tsotra ihany koa**

Izany no nahatonga ny hoe : "*Aza manadino ny fampiantranoambahiny ; fa tamin'izany dia nampiantrano anjely ny sasany, nefa tsy fantany*" (Hebreo 13. 2).

**✦ Momba an'i Jehovah Tompon'ny maro, Ilay Mpahary ny lanitra sy ny tany**

Andriamanitra dia antsoina hoe Jehovah Tompon'ny maro, satria Izy no Andriamanitry ny "**maro** any an-danitra" : maro any an-danitra, izay sady maneho ny anjely, toy ny lazain'ny Lioka 2. 13 hoe : "*Ary nisy anjely maro be avy any an-danitra niseho tampoka niaraka tamin'ilay anjely teo ka nidera an'Andriamanitra",* no maneho ihany koa ny fitambaran'ireo kintana mamirapiratra eny amin'ny lanitra, sy ny voary hafa. Ireo maro any an-danitra ireo (ny anjely, ny kintana, ...) dia manambara ny voninahitr'Andriamanitra, araka ny voasoratra hoe :

"*Ianao dia Ianao irery ihany no Jehovah ; Ianao no nanao ny lanitra, dia ny lanitry ny lanitra, mbamin'izay rehetra any aminy, ny tany sy izay rehetra eo aminy, ny ranomasina sy izay rehetra ao aminy, ary Ianao no mamelona azy rehetra ; ary <u>ireo maro any an-danitra samy miankohoka eo anatrehanao</u>*" (Nehemia 9. 6).

**Fanamarihina** :

**✦Tsy tian'Andriamanitra ny hiankohofana eo amin'ireo zavatra noforonina**

Koa satria Andriamanitra dia Ilay Andriamanitry ny anjely, Ilay Andriamanitry ny zavatra rehetra misy any an-danitra sy eto an-tany —Ilay Mpahary ny zavatra rehetra—, dia tsy tiany ny hiankohofan'ny olombelona eo amin'ny zavatra noforonina, toy ny volana, ny masoandro, ny kintana, ny rano, ny vato, ny hazo... ary na eo amin'ny anjely koa aza. Andriamanitra dia nandidy izany tamin'i Mosesy : "*Aza manana andriamani-kafa, fa Izaho ihany. Aza manao sarin-javatra voasokitra ho anao, na ny mety ho endriky ny zavatra izay eny amin'ny lanitra ambony, na izay etỳ amin'ny tany ambany, na izay any amin'ny rano ambanin'ny tany. Aza miankohoka eo anatrehany, ary aza manompo azy ; fa Izaho, Jehovah Andriamanitrao, dia Andriamanitra saro-piaro*" (Eksodosy 20. 3-5).

Izany fampitandremana izany dia naverimberina tamin'ny Israely toy izao : "*Dia tandremo tsara ny fanahinareo ; fa tsy nahita endrika akory ianareo tamin'ny andro izay nitenenan'i Jehovah taminareo tao amin'ny afo tany Horeba ; fandrao manao ratsy ianareo ka manao sarin-javatra voasokitra ho anareo, araka izay endri-javatra na inona na inona, dia sarin-dehilahy, na sarim-behivavy, na sarim-biby izay etỳ ambonin'ny tany, na sarim-borona manana elatra izay manidina eny amin'ny habakabaka, na sarim-biby mandady na mikisaka amin'ny tany, na sarin-kazandrano izay ao amin'ny rano ambanin'ny tany. Ary andrao raha miandrandra ny lanitra ianao ka mahita ny masoandro sy ny volana ary ny kintana, dia izay rehetra eny amin'ny lanitra, dia ho voataona ianao hiankohoka eo anatrehany sy hanompo azy, izay natao'i Jehovah Andriamanitrao ho anjaran'ny firenena rehetra ambanin'ny lanitra*" (Deoteronomia 4. 15-19).

Indrisy anefa ! Tsy nihaino izany ny Zanak'Israely, "*fa nanamafy ny hatony, tahaka ny razany, izay tsy nino an'i Jehovah Andriamaniny. Ary nolaviny ny didiny sy ny fanekeny izay nataony tamin'ny razany mbamin'ny teny vavolombelony izay nananarany azy ; ary nandeha nanaraka ny zava-poana izy, ka dia tonga zava-poana koa ary nanaraka ny jentilisa manodidina azy, izay efa nandraran'i Jehovah azy mba tsy halainy tahaka. Ary nahafoy ny didin'i Jehovah Andriamaniny rehetra izy ka nanao sarin-javatra an'idina ho an'ny tenany, dia ombilahy kely roa, ary nanao Aseraha koa izy sady niankohoka teo anatrehan' izay rehetra eny amin'ny lanitra ary nanompo an'i Bala. Ary nampandeha ny zanany lahy sy ny zanany vavy hamaky ny afo izy, sady nanao fankatòvana sy sikidy ary nivaro-tena hanao izay ratsy eo imason'i Jehovah ka nampahatezitra Azy. Koa dia tezitra indrindra tamin'ny Israely Jehovah, dia nesoriny tsy ho eo imasony izy, ka tsy nisy sisa afatsy ny firenen'i Joda ihany*" (2 Mpanjaka 17. 14-18).

## INONA NO MAMPIAVAKA IREO ANJELY ?

### ➲ Ny anjelin'Andriamanitra dia masina

Antsoin'ny Tompo hoe "*ny anjely masina*" izy ireo (Lioka 9. 26).

### ➲ Ny anjely dia mahita ny tavan'Andriamanitra

Hoy Jesosy momba izany : "*Mitandrema, fandrao manao tsinontsinona na dia ny iray aza amin'ireny madinika ireny ianareo ; fa lazaiko aminareo : Ny anjeliny any an-danitra mahita mandrakariva ny tavan'ny Raiko Izay any an-danitra*" (Matio 18. 10).

### ➲ Ny anjely dia midera an'Andriamanitra

"*Miderà an'i Jehovah, ry any an-danitra ; miderà Azy any ambony.*

*Miderà Azy, ry anjeliny rehetra ; miderà Azy, ry miaramilany rehetra*" (Salamo 148. 1-2).

➲ **Ny anjely dia faly rehefa misy olona iray manolotra ny fiainany ho an'ny Tompo Jesosy**

Hoy Jesosy : "*Lazaiko aminareo fa misy fifaliana toy izany eo anatrehan'ny anjelin'Andriamanitra ny amin'ny mpanota iray izay mibebaka*" (Lioka 15. 10).

➲ **Raha misy mpino iray maty, dia ny anjely no asaina mitondra azy any am-paradisa, izay antsoin'ny Jiosy koa hoe "any an-tratran'i Abrahama"**

Ao amin'ny fanoharana momba an'i Lazarosy sy ilay lehilahy manankarena, dia voasoratra hoe : "*Nisy lehilahy manankarena anankiray niakanjo volomparasy sy rongony fotsy madinika sady nanarampo fatratra isanandro tamin'ny fahafinaretana. Ary nisy olo-malahelo ferena anankiray atao hoe Lazarosy napetraka teo anilan'ny vavahadiny ; ary naniry mba hihinana izay latsaka avy tamin'ny latabatr'ilay manankarena izy, fa ny alika kosa no avy ka nilelaka ny feriny. Ary maty ilay malahelo, dia nentin'ny anjely ho any an-tratran'i Abrahama ; ary maty koa ilay manankarena, dia nalevina*" (Lioka 16. 19-22).

➲ **Ny anjely dia tsy mety maty, tsy mampaka-bady na avoaka hampakarina**

Namaly ireo tsy nino ny fitsanganana amin'ny maty ny Tompo Jesosy "*nanao taminy hoe : Ny zanak'izao fiainana izao dia mampaka-bady sady avoaka hampakarina ; fa izay atao mendrika hahazo izany fiainana izany sy ny fitsanganana amin'ny maty kosa dia tsy mba mampaka-bady, na avoaka hampakarina ; ary tsy mety maty intsony izy, fa mitovy amin'ny anjely sady zanak'Andriamanitra, satria zanaky ny fitsanganana amin'ny maty*" (Lioka 20. 34-36).

➲ **Ny anjely dia ambony noho ny olombelona eo amin'ny tanjaka sy ny hery**

Lazain'ny apostoly Petera fa ny anjely dia zava-manana aina "*mihoatra amin'ny tanjaka sy ny hery*" (2 Petera 2. 11). Noho ny hery

tsy fahita ananany, dia anjely iray monja no namono ireo lehilahy mahery rehetra teo amin'ny miaramila Asyriana niady tamin'ny mpanjaka Hezekia, ilay mpanompon'Andriamanitra. Izao no vakiantsika momba izany : "*Rehefa afaka izany, dia nirahin'i Sankeriba, mpanjakan'i Asyria, ny mpanompony hankany Jerosalema (fa izy sy ny miaramilany rehetra kosa nanao fahirano an'i Lakisy tamin'izay) ho any amin'i Hezekia, mpanjakan'ny Joda, sy ho any amin'ny Joda rehetra izay tany Jerosalema ka nanao hoe : Izao no lazain'i Sankeriba, mpanjakan'i Asyria : Inona izato itokianareo, no dia miaritra fahoriana ato Jerosalema ianareo ? …*

*Iza amin'ny andriamanitr'ireo firenena efa naringan'ny razako ireo no nahavonjy ny olony tamin'ny tànako, ka dia hahavonjy anareo amin' ny tànako va ny Andriamanitrareo ? Koa ankehitriny, aza avela hamitaka anareo Hezekia, na hitaona anareo tahaka izao ; aza mino azy ianareo ; fa tsy nisy andriamanitra tany amin'ny firenena sy ny fanjakana rehetra izay nahavonjy ny olony tamin'ny tànako sy ny tànan'ny razako ; koa aiza ny Andriamanitrareo no hahavonjy anareo amin'ny tànako ?*

*Ary ny mpanompon'i Sankeriba mbola niteny ratsy an'i Jehovah Andriamanitra sy Hezekia mpanompony, sady nanoratra taratasy hihaika an'i Jehovah, Andriamanitry ny Israely, sy hiteny ratsy Azy ka nanao hoe : Tahaka ny tsy nahavonjen'ireny andriamanitry ny firenena tany amin'ny tany hafa ireny ny olony tamin'ny tànako no tsy hahavonjen'ny Andriamanitr'i Hezekia ny olony koa amin'ny tànako. Dia niantso tamin'ny feo mahery izy ka nanao teny Jiosy teo anatrehan'ny mponina tany Jerosalema izay teny ambonin'ny manda, hampitahorany sy hampangorohoroany azy mba hahafahany ny tanàna. Ary Andriamanitr'i Jerosalema koa dia mba nolazainy toy ny filazany ireny andriamanitry ny firenena tany amin'ny tany hafa ireny, izay asantànan'olona ihany. Ary noho izany dia nivavaka Hezekia mpanjaka sy Isaia mpaminany, zanak'i Amoza, ka nitaraina tamin'ny lanitra. Ary Jehovah naniraka anjely* [iray] *izay nandringana ny lehilahy mahery rehetra sy ny mpanapaka ary ny komandy teo an-tobin'ny mpanjakan'i Asyria, ka dia lasa nody amin-kenatra Sankeriba. Ary nony niditra tao an-tranon'ny andriamaniny izy, dia namono azy tao tamin'ny sabatra ny zanany naterany.*

*Toy izany no namonjen'i Jehovah an'i Hezekia sy ny mponina tany Jerosalema tamin'ny tànan'i Sankeriba, mpanjakan'i Asyria, sy tamin'ny tànan'ny fahavalony rehetra ; eny, niaro azy tamin' ny manodidina rehetra Izy*" (2 Tantara 32. 9-10, 14-22).

**✦ Anjely iray ihany no haka an'i Satana ary hanidy azy any amin'ny lavaka tsy hita noanoa**

Ny apostoly Jaona, raha notsindrian'ny fanahy faminaniana, dia nanoratra hoe : "*Ary hitako fa, indro, nisy anjely* [iray] *nidina avy tany an-danitra, nanana ny fanalahidin'ny lavaka tsy hita noanoa sy gadra lehibe eny an-tànany ; dia nisambotra ilay dragona izy (dia ilay menarana ela, ny devoly sy Satana izany) ka namatotra azy arivo taona, dia nanipy azy ho amin'ny lavaka tsy hita noanoa ka nanidy izany, dia nanisy tombo-kase teo amboniny, mba tsy hamitahany ny firenena maro intsony mandra-pahatapitry ny arivo taona*" (Apokalypsy 20. 1-3).

**➲ Na rindrina, na varavaran-tranomaizina, na inona na inona, dia tsy mahasakana ny anjely**

Ohatra, tamin'ny nanafahana ny apostoly Petera tao an-tranomaizina, dia izao no vakiantsika : "*Ary nony efa hamoaka azy Heroda, dia natory teo anelanelan'ny miaramila roa lahy Petera tamin'iny alina iny, sady voafatotra tamin'ny gadra roa izy ; ary nisy mpiambina niambina ny tranomaizina teo am-baravarana. <u>Ary, indro, nisy anjelin'ny Tompo tonga teo, sady nisy mazava namirapiratra tao an-trano</u> ; ary izy nanohina ny tehezan'i Petera, dia namoha azy ka nanao hoe : Mitsangàna faingana. Dia niala tamin'ny tànany ny gadra. Ary hoy ilay anjely taminy : Misikìna, ary fehezo ny kapanao. Dia nataony izany. Ary hoy koa izy taminy : Tafio ny lambanao, ka manaraha ahy. Dia nivoaka izy ka nanaraka azy ; ary tsy fantany ho marina izay nataon'ny anjely, fa nataony ho nahita fahitana ihany izy. Fa rehefa nandalo ny fiambenana voalohany sy faharoa izy, dia tonga teo amin'ny vavahady vy izay mahazo ny làlana ho any an-tanàna ; ary nivoha ho azy io mba halehany ; ary nony nivoaka izy, dia nandroso tamin'ny làlana iray ; ary niaraka tamin'izay dia nandao azy ilay anjely*" (Asan'ny Apostoly 12. 6-10).

# INONA NO FIHETSIKA TSY TOKONY HATAON'NY OLOMBELONA MANOLOANA NY ANJELY ?

➲ **Ny olombelona dia tsy tokony hiankohoka eo anatrehan'ny anjely**

Marina tsy azo iadian-kevitra fa ny anjely dia ambony noho ny olombelona. Voarara mafy anefa ny mivavaka aminy na manao fanompoam-pivavahana ho azy. Ny apostoly Jaona dia nampitandremana tsy hanao izany, taorianan'ny nahazoany ireo fanambarana lehibe avy amin' ny anjely. Izao no nosoratany momba izany : "*Ary izaho Jaona no nahare sy nahita ireo zavatra ireo. Ary rehefa nahare sy nahita aho, dia niankohoka hivavaka teo anoloan'ny tongotr'ilay anjely naneho ahy ireo zavatra ireo. Dia hoy izy tamiko : Tandremo, aza manao izao ; fa mpanompo namanao ihany aho sady naman'ny mpaminany rahalahinao sy izay mitandrina ny teny amin'ity boky ity ; Andriamanitra ihany no ivavaho*" (Apokalypsy 22. 8-9).

✦Araka izany, "*aza mety hofitahina tsy hahazoanareo ny loka noho ny fanetren-tena haitraitra sy ny fivavahana amin'ny anjely, ka mitompo amin'ny zavatra efa hitany sady feno fiavonavonana noho ny fisainan' ny nofony ka tsy mihazona ny Lohan'ny tena rehetra, izay velomina sy ampiraisina tsara amin'ny famavany sy ny ozatra, araka ny fampitomboan'Andriamanitra*" (Kolosiana 2. 18-19).

Koa Andriamanitra no tokony hiankohofan'ny olona, ary Izy irery ihany : "*Jehovah Andriamanitrao no hiankohofanao, ary Izy irery ihany no hotompoinao*" (Matio 4. 10).

➲ **Ny olombelona dia tsy mahazo miteny ratsy ny anjely**

Ny anjely dia manana voninahitra, na dia ireo anjely naongana aza. Asehon'ny apostoly Petera fa tsy tokony hiteny ratsy ireo anjely ny zanak'olombelona : "*Fantatry ny Tompo izay hamonjeny ny tsara fanahy amin'ny fakam-panahy sy ny hitehirizany ny olona tsy marina*

*amin'ny fijaliana ho amin'ny andro fitsarana — indrindra fa izay mandeha araka ny fitarihan'ny nofo hila zava-mahaloto ka manamavo ny manana fahalehibeazana. Ireo dia olona sahisahy, mitompo teny fantatra sady tsy matahotra hiteny ratsy ny manana voninahitra. Fa ny anjely aza, izay mihoatra amin'ny tanjaka sy ny hery, tsy mitondra fiampangana hitenenan-dratsy azy eo anatrehan'ny Tompo. Fa ireo kosa izay miteny ratsy ny zavatra tsy fantany (tahaka ny biby tsy manantsaina, fa zava-manana aina fotsiny ihany, izay teraka ho fisambotra sy ho famono) dia haringana tokoa amin'ny fahalotoany*" (2 Petera 2. 9-12).

✦Fa na "*Mikaela arikanjely aza, raha niady tamin'ny devoly ka nifanditra ny amin'ny fatin'i Mosesy, dia tsy sahy niteny ratsy hahameloka azy, fa hoy izy : 'Hananatra anao anie Jehovah'* " (Joda 9).

## NY ASA FANOMPOAN'NY ANJELY

Manompo an'Andriamanitra izy ireo, ary mampita ny baikon' Andriamanitra, indrindra amin'ireo mpino. Irahin'Andriamanitra koa izy ireo mba hanafaka, hiaro na hitandrina ireo zanany, araka ny voasoratra hoe : "*Tsy fanahy manompo va izy rehetra, nirahina hanao fanompoana ho an'izay handova famonjena ?* " (Hebreo 1. 14).

### *Irahin'Andriamanitra ireo anjeliny mba :*

➲ **hitondra fanambarana faminaniana**

Ohatra, ny fanambarana nomen'i Jesosy an'i Jaona mpanompony, momba ireo zavatra misy sy tsy maintsy ho tonga, dia nataona anjely iray, araka ny voasoratra hoe : "*Ny Fanambaran'i Jesosy Kristy, izay nomen'Andriamanitra Azy, mba hasehony amin'ny mpanompony izay zavatra tsy maintsy ho tonga faingana ; ary naniraka ny anjeliny Izy hanambara amin'i Jaona mpanompony*" (Apokalypsy 1. 1).

**➲ hanazava ireo fanambarana faminaniana**

Hoy i Daniela : “*Ary raha mbola niteny sy nivavaka sy niaiky ny fahotako mbamin’ny fahotan’ny Israely fireneko aho ka nandoatra ny fifonako teo anatrehan’i Jehovah Andriamanitro ho an’ny tendrombohitra masin’Andriamanitro — eny, raha mbola niteny nivavaka aho, dia, indro, ilay lehilahy Gabriela izay hitako tamin’ny fahitana voalohany, dia nampanidinina faingana ka nanatona ahy tokony ho tamin’ny fotoanan’ny fanatitra hariva. Ary izy nampahalala ahy sy niresaka tamiko ka nanao hoe : Ry Daniela ô, avy hampahazava saina anao aho. Tamin’ny niantombohan’ny fivavakao dia nisy teny nivoaka, ka dia tonga hanambara aminao aho, satria malala indrindra ianao ; koa diniho ny teny, ary aoka ho fantatrao ny fahitana*” (Daniela 9. 20-23).

**➲ hanafaka ny Israely**

Tamin’ny fotoanandrony, dia afaka niteny Israely hoe : “*Raha nitaraina tamin’i Jehovah izahay, dia nihaino ny feonay Izy ka naniraka Anjely sy nitondra anay nivoaka avy tany Egypta ; ary, indreto, tonga eto Kadesy, tanàna eto amin’ny faritry ny taninao, izahay*” (Nomery 20. 16). Andriamanitra koa efa niteny tamin’ny Israely hoe : “*Indro, Izaho maniraka Anjely eo alohanao hiaro anao any an-dàlana sy hitondra anao ho any amin’ny fitoerana izay namboariko*” (Eksodosy 23. 20).

**➲ hiaro mpanompo iray**

Rehefa nafahana i Daniela, dia niteny tamin’ny mpanjaka hoe : “*Andriamanitro efa naniraka ny anjeliny ka nanakombona ny vavan’ny liona tsy handratra ahy, satria fahamarinana no hitany tamiko ; ary teo anatrehanao koa, ry mpanjaka ô, tsy nanao ratsy aho*” (Daniela 6. 23).

**➲ hampita toromarika avy amin’Andriamanitra ho ana mpanompo iray**

“*Ary nisy anjelin’ny Tompo nilaza tamin’i Filipo ka nanao hoe : Mitsangàna, ka mandehana mianatsimo ho any amin’ny làlana midina avy any Jerosalema mankany Gaza ; dia efitra izany. Dia nitsangana*

*izy ka lasa nandeha ; ary indro, nisy lehilahy Etiopiana, tandapan'i Kandasy, mpanjakavavin'ny Etiopiana, sady mpitahiry ny harenany rehetra, ary tonga tany Jerosalema izy mba hivavaka ; dia nody izy ka nipetraka teo anatin'ny kalesiny ary namaky teny tao amin'Isaia mpaminany*" (Asan'ny Apostoly 8. 26-28).

➲ **hampihatra didim-pitsarana**

Ny avonavon'i Heroda mpanjaka dia nahatonga famaizana ho azy. "*Ary tamin'ny andro voatendry dia niakanjo akanjom-panjakana Heroda ka nipetraka teo ambonin'ny sezafiandrianany, dia nikabary tamin'ny vahoaka. Ary ny vahoaka niantso hoe : Feon'Andriamanitra izany, fa tsy an'olona ! Ary niaraka tamin'izay dia nisy anjelin'ny Tompo namely azy, satria tsy nanome voninahitra an'Andriamanitra izy ; ka dia nohanin'ny kankana izy ka maty*" (Asan'ny Apostoly 12. 21-23).

**✦Ny anjely dia mankatò an'Andriamanitra**

Ny anjely Gabriela dia namaly an'i Zakaria hoe : "*Izaho no Gabriela, izay mitsangana eo anatrehan'Andriamanitra ; ary nirahina hiteny aminao aho ka hilaza aminao izany teny mahafaly izany*" (Lioka 1. 19).

**✦Ny anjely dia mankatò ihany koa ny Tompo Jesosy**

"*Izaho Jesosy naniraka ny anjeliko hanambara aminareo ireo zavatra ireo ho an'ny fiangonana. Izaho no Solofo sy taranak'i Davida, ny Kintana mamirapiratra fitarikandro*" (Apokalypsy 22. 16).

## NY ANJELY TEO AMIN'NY FIAINAN'NY TOMPO JESOSY

➲ **Fahiny elabe talohan'ny nahatongavany teto an-tany**

Ny faminaniana dia milaza momba an'i Kristy, toy ny momba ny mpino tsirairay koa, hoe : "*Satria hoy ianao : Jehovah ô, Ianao no aroko, sady nataonao ho fonenanao ny Avo Indrindra, dia tsy hisy loza*

*hanjo anao, na aretina hanakaiky ny lainao. Fa Izy handidy ny anjeliny ny aminao mba hiaro anao eny amin'izay rehetra halehanao. Eny antànany no hitondran'ireo anao, fandrao ho tafintohina amin'ny vato ny tongotrao"* (Salamo 91. 9-12).

### ➲ Nandritra ireo trangan-javatra nialoha ny nahaterahany

*"Ary tamin'ny fahenim-bolana dia nirahin'Andriamanitra ny anjely Gabriela ho any an-tanàna anankiray any Galilia atao hoe Nazareta, ho any amin'ny virijina anankiray, izay voafofo ho vadin'ny lehilahy atao hoe Josefa, avy tamin'ny taranak'i Davida ; ary ny anaran' ny virijina dia Maria. Ary nony niditra tao aminy ilay anjely, dia nanao hoe : Arahaba, ry ilay nohasoavina, ny Tompo momba anao. Ary taitra loatra izy noho ny teniny ka nieritreritra izay tokony ho hevitr'izany fiarahabana izany. Ary hoy ilay anjely taminy : Aza matahotra, ry Maria, fa efa nahita fitia tamin'Andriamanitra ianao.*

*Ary, indro, hitoe-jaza ianao ka hiteraka zazalahy, ary ny anarany dia hataonao hoe Jesosy. Izy ho lehibe ka hatao hoe Zanaky ny Avo Indrindra ; ary Jehovah Andriamanitra hanome Azy ny sezafiandrianan'i Davida rainy ; ary hanjaka amin'ny taranak'i Jakoba mandrakizay Izy ; ary ny fanjakany tsy hanam-pahataperana. Ary hoy Maria tamin'ilay anjely : Hanao ahoana re no hahatanteraka izany, fa tsy mahalala lahy aho ? Ary ilay anjely namaly ka nanao taminy hoe : Ny Fanahy Masina ho tonga ao aminao, ary hisy herin'ny Avo Indrindra hanaloka anao ; koa ny Masina Izay hateraka dia hatao hoe Zanak'Andriamanitra. Ary, indro, Elizabeta havanao dia efa mitoe-jaza koa, na dia efa antitra aza ; ary efa mandray enina izy izao, izay natao hoe momba. Fa tsy hisy tsy ho tanteraka ny teny rehetra ataon'Andriamanitra. Dia hoy Maria : Inty ny ankizivavin'ny Tompo ; aoka anie ho tonga amiko araka ny teninao. Dia nandao azy ilay anjely*" (Lioka 1. 26-38).

"***Ary ny nahaterahan'i Jesosy Kristy dia toy izao** : Rehefa nanaiky Maria, renin'i Jesosy, ho fofombadin'i Josefa, raha tsy mbola nivady izy, dia hita fa nitoe-jaza avy tamin'ny Fanahy Masina izy. Ary Josefa vadiny, izay lehilahy marina sady tsy ta hanala baraka azy, dia nikasa hametraka azy mangingina. Fa raha mbola nisaina izany izy, indro, <u>nisy anjelin'ny Tompo niseho taminy tamin'ny nofy ka nanao</u>*

*<u>hoe</u> : Ry Josefa, zanak'i Davida, aza matahotra hampakatra an'i Maria vadinao ; fa ny Zaza ao an-kibony dia avy amin'ny Fanahy Masina*" (Matio 1. 18-20).

**➲ Tamin'ny nahaterahany**

"*Ary nisy mpiandry ondry tamin'izany tany izany nitoetra tany an-tsaha nitandrina ny ondriny tamin'ny alina. Ary nisy anjelin'ny Tompo nitsangana teo anilany, ary ny voninahitry ny Tompo nanelatrelatra manodidina azy, ka raiki-tahotra indrindra izy. <u>Ary hoy ny anjely taminy : Aza matahotra ; fa, indro, milaza teny soa mahafaly aminareo aho, dia fifaliana lehibe izay ho an'ny olona rehetra ; fa Mpamonjy no teraka ho anareo anio ao an-tanànan'i Davida, dia Kristy Tompo</u>. Ary izao no ho famantarana ho anareo : ianareo hahita Zazakely voahodidina lamban-jaza sady mandry ao am-pihinanam-bilona*" (Lioka 2. 8-12).

✦ **Rehefa nampiditra an'i Jesosy Zanany teto amin'izao tontolo izao Andriamanitra,** dia hoy Izy : "*Ary aoka ny anjelin'Andriamanitra rehetra hiankohoka eo anoloany*" (Hebreo 1. 6).

**➲ Nandritra ny asa fanompoan'i Jesosy**

"*Ary tany an'efitra efapolo andro Izy ka nalain'i Satana fanahy ; ary teo amin'ny bibidia Izy, ary <u>ny anjely nanompo Azy</u>*" (Marka 1. 9-13).

**➲ Tamin'ny faramparan'ny asa fanompoany**

"*Ary nivoaka Jesosy, koa araka ny fanaony dia nankao an-tendrombohitra Oliva Izy, ary ny mpianatra koa nanaraka Azy. Ary raha vao tonga tao amin'izany tany izany, dia hoy Izy taminy : Mivavaha mba tsy hidiranareo amin'ny fakam-panahy. Ary Izy nihataka taminy tokony ho indray mitora-bato, dia nandohalika ka nivavaka hoe : Raiko ô, raha sitrakao, dia esory amiko ity kapoaka ity ; nefa aoka tsy ny sitrapoko anie no hatao, fa ny Anao. <u>Ary nisy anjely avy tany an-danitra niseho teo aminy ka nampahery Azy</u>.*

*Ary fadiranovana Izy, ka dia nivavaka mafimafy kokoa ; ary ny dininy dia tahaka ny ra nipotrapotraka tamin'ny tany*" (Lioka 22. 39-44).

✦Ny Tompo Jesosy dia ho afaka nangataka tamin-dRainy anjely mihoatra ny roa ambin'ny folo legiona —anjely aman'alinalina— mba hiaro Azy tamin'ireo fahavalony, izay tonga hisambotra Azy, kanefa dia nijanona nanaiky an'Andriamanitra Izy, satria ny nahatongavany dia ny hijaly sy ho faty hisolo antsika. Izany no nitenenany ilay saika hiaro Azy, hoe : "*Ary ataonao va fa tsy mahazo mangataka amin'ny Raiko Aho, dia haniraka anjely tsy omby roa ambin'ny folo legiona ho etỳ amiko Izy ankehitriny ? Raha izany, dia hatao ahoana no hahatanteraka ny Soratra Masina, izay milaza fa tsy maintsy ho tonga izany ?*" (Matio 26. 53-54).

### ➲ Tamin'ny nitsanganany tamin'ny maty

Maty Jesosy, nefa nitsangana tamin'ny maty. "*Ary indro, nisy horohorontany mafy ; fa nisy anjelin'ny Tompo nidina avy tany an-danitra, dia nankeo ka nanakodia ny vato, dia nipetraka teo amboniny … Ary ny anjely namaly ka nilaza tamin'ny vehivavy hoe : Aza matahotra ianareo ; fa fantatro fa Jesosy, Izay efa nohomboana tamin'ny hazofijaliana, no tadiavinareo*" (Matio 28. 2, 5).

### ➲ Tamin'ny niakarany ho any an-danitra

Rehefa niakatra ho any an-danitra ny Tompo Jesosy, tao anaty rahona, ary tsy hitan'ireo mpianany intsony, dia anjely roa no nanambara tamin'izy ireo ny hiverenan'ny Tompo. "*Indreo, nisy roa lahy teo anilany niakanjo akanjo fotsy, izay nanao hoe : Ry lehilahy Galiliana, nahoana no mijanona eto mijery ny lanitra ianareo ? Iny Jesosy Izay nampiakarina niala taminareo ho any an-danitra iny dia mbola ho avy tahaka ny nahitanareo Azy niakatra ho any an-danitra*" (Asan'ny Apostoly 1. 10-11).

➲ **Amin'ny andro fiavian'i Jesosy, izany hoe ny dingana faharoa amin'ny fiverenany mba hitsara ireo fahavalony sy hametraka eto an-tany ny fanjakany arivo taona**

Momba io fiaviana am-boninahitra io, dia hoy Jesosy : "*Fa inona no soa azon'ny olona, raha mahazo izao tontolo izao aza, kanefa very ny ainy ? Fa inona no homen'ny olona ho takalon'ny ainy ? Fa na iza na iza no ho menatra Ahy sy ny teniko amin'ity taranaka sady mijangajanga no manota ity, dia ho menatra azy kosa ny Zanak'olona, raha avy amin'ny voninahitry ny Rainy mbamin'ny anjely masina*" (Marka 8. 36-38).

✦**Amin'io fiverenany am-boninahitra io, mba hametraka eto an-tany ny fanjakany arivo taona, ny Tompo Jesosy** dia hidina avy any an-danitra, ary ho hita maso, miaraka amin'ireo anjelin'ny heriny, amin'ny afo midedadeda. Eo anatrehan'izy ireo no hampiharany ny fitsarany ireo fahavalony :

- "*Ary raha tonga ny Zanak'olona amin'ny voninahiny, arahin' ny anjely rehetra, dia hipetraka eo ambonin'ny sezafiandrianan'ny voninahiny Izy ; ary ny firenena rehetra hangonina eo anatrehany, dia hanavaka azy Izy, tahaka ny mpiandry ondry manavaka ny ondry amin'ny osy ; ary hametraka ny ondry eo amin'ny ankavanany Izy, fa ny osy eo amin'ny ankaviany. Ary amin'izany ny Mpanjaka dia hilaza amin'izay eo amin'ny ankavanany hoe : Avia ianareo izay notahin'ny Raiko, mandovà ny fanjakana izay voavoatra ho anareo hatrizay nanorenana izao tontolo izao*" (Matio 25. 31-34).

- "*… hiseho Jesosy Tompo, avy any an-danitra mbamin'ny anjelin'ny heriny, amin'ny afo midedadeda, hamaly izay tsy mahalala an'Andriamanitra sy izay tsy manaiky ny filazantsaran'i Jesosy Tompontsika, dia olona izay hiharan'ny famaliana marina, dia fahaverezana mandrakizay, avy amin'ny fanatrehan'ny Tompo sy ny voninahitry ny heriny, raha tonga Izy mba hankalazaina eo amin'ny olony masina sy higagana eo amin'izay rehetra mino amin'izany andro izany*" (2 Tesaloniana 1. 7-10).

## ✦✦✦NY TOMPO JESOSY DIA AMBONY NOHO IREO ANJELY✦✦✦

Ao amin'ny epistily ho an'ny Hebreo, toko 1 sy 2, dia :

**✦Amin'ny alalan'i Jesosy no itenenan'Andriamanitra ankehitriny**

"*Rehefa nampitenenin'Andriamanitra tamin'ny razana fahiny ny mpaminany tamin'ny andro samihafa sy ny fanao samihafa, dia amin' izao andro farany izao kosa no nampitenenany tamintsika ny Zanany, Izay voatendriny ho Mpandova ny zavatra rehetra ; Izy no nahariany izao tontolo izao, Izy koa no famirapiratan'ny voninahiny sy endriky ny tenany indrindra ary mihazona ny zavatra rehetra amin'ny herin'ny teniny*".

**✦Anarana tsara noho ny an'ny anjely no nomen'Andriamanitra Azy**

"*Ary rehefa nanao fanadiovana hahafaka ny fahotana Izy, dia nipetraka teo amin'ny tànana ankavanan'ny Lehibe any amin'ny avo ka natao tsara noho ny anjely, araka ny nandovany anarana tsara noho ireny.*

*Fa anjely iza no mba nilazany hoe :*
*Zanako Ianao, Izaho niteraka Anao androany?*
*Ary koa : Izaho ho Rainy, ary Izy ho Zanako?*

**✦Mitsaoka ny Zanaka ireo anjely**

*Ary raha mitondra ny Lahimatoa ho amin'izao fiainana izao indray, dia hoy Izy : Ary aoka ny anjelin'Andriamanitra rehetra hiankohoka eo anoloany.*

**✦Mitovy amin'Andriamanitra ny Zanaka**

*Ary ny anjely dia ilazany hoe : Izy manao ny anjeliny ho rivotra, ary ny mpanompony ho lelafo.*

*Fa ny Zanaka kosa dia nilazany hoe :*

*Ny sezafiandriananao, Andriamanitra ô, dia mandrakizay doria ; ary ny tehim-pahitsiana no tehim-panjakanao ; tianao ny fahamarinana, fa halanao ny heloka ; koa Andriamanitra, dia Andriamanitrao, efa nanoso-diloilo fifaliana Anao mihoatra noho ny namanao.*

*Ary izao koa : Ianao, Jehovah ô, tany aloha no nanorenanao ny tany, ary asan'ny tànanao ny lanitra ; ireo dia ho levona, fa Ianao no maharitra ; ary izy rehetra ho rovitra toy ny fitafiana, ary toy ny lamba no hamalonanao azy, dia toy ny fitafiana, ka hovana izy ; fa Ianao no tsy miova, ary ny taonanao no tsy ho tapitra.*

*Fa anjely iza no mba nilazany hoe :*

*Mipetraha eo an-tànako ankavanana, ambara-panaoko ny fahavalonao ho fitoeran-tongotrao?*

*Tsy fanahy manompo va izy rehetra, nirahina hanao fanompoana ho an'izay handova famonjena ?"*

**✦Ny Zanaka dia mitondra hafatra lehibe kokoa ary manome famonjena lehibe : aoka hotandremantsika io famonjena entin'ny Zanaka io**

*"Ary amin'izany dia tokony hotandremantsika mafimafy kokoa izay efa rentsika, fandrao hindaosina hiala aminy isika. Fa raha mafy ny teny izay nampilazaina ny anjely, ka samy voavaly marina avokoa ny fahadisoana rehetra mbamin'ny fahotana, hataontsika ahoana no fandositra, raha tsy mitandrina izao famonjena lehibe izao isika ? dia ilay nampilazaina ny Tompo tamin'ny voalohany, ary nohamafisin'izay nandre tamintsika kosa, sady Andriamanitra koa no niara-nanambara taminy tamin'ny famantarana sy ny fahagagana ary tamin'ny asa lehibe samihafa sy ny fanomezana ny Fanahy Masina nozarazarainy araka ny sitrapony".*

**✦Nanetry tena ny Zanak'Andriamanitra, mba hahazoana io "famonjena lehibe" io : nataon'Andriamanitra "ambany kely noho ny anjely" ny Zanany, noho ny fitondrany ny fahafatesana**

*"Fa tsy anjely no nampanekeny ny fiainana ho avy, izay lazainay. Fa ny anankiray nanambara eo amin'ny teny iray hoe :*

*Inona ny olona, no ahatsiarovanao azy ? Ary ny zanak'olombelona, no amangianao azy ?*

*Nataonao ambany kely noho ny anjely izy ; efa nosatrohanao voninahitra sy fiandrianana izy, ary nampanjakainao amin'ny asan'ny tànanao ; ny zavatra rehetra dia efa nampanekenao ho eo ambanin'ny tongony. Fa tamin'ny nampanekeny azy ny zavatra rehetra, dia tsy nisy izay tsy nampanekeny azy.*

*Nefa ankehitriny tsy mbola hitantsika fa efa ampanekena azy ny zavatra rehetra. Fa Ilay natao ambany kely noho ny anjely no hitantsika, dia Jesosy, ary noho ny fitondrany ny fahafatesana dia voasatroka voninahitra aman-daza Izy, mba hanandrana fahafatesana hamonjy ny olona rehetra noho ny fahasoavan'Andriamanitra.*

*Fa mendrika Izay anton'ny nanaovana ny zavatra rehetra sady nahariana ny zavatra rehetra, raha mitondra zanaka maro ho any amin'ny voninahitra, ny hahatanteraka ny Tompon'ny famonjena ireo amin'ny fahoriana. Fa iray no niavian'izy roroa, na Izay manamasina, na izay hamasinina ; koa izany no tsy mahamenatra Azy hanao ireo hoe 'rahalahy' ka manao hoe :*

*Hitory ny anaranao amin'ny rahalahiko Aho ; eo amin'ny fiangonana no hiderako Anao.*

*Ary koa : Izaho hatoky Azy. Ary indray koa : Indreto Izaho sy ireo zaza nomen'Andriamanitra Ahy.*

*Koa satria manana nofo aman-dra ny zaza, dia mba nandray izany koa Izy, mba handringanany amin'ny fahafatesana ilay manana ny herin'ny fahafatesana, dia ny devoly, ary mba hanafahany izay rehetra nandany ny fiainany rehetra tamin'ny fahandevozana noho ny tahotra ny fahafatesana. Fa hita marina fa tsy anjely no vonjeny, fa ny taranak'i Abrahama no vonjeny. Koa amin'izany dia mendrika mba hatao tahaka ny rahalahiny amin'ny zavatra rehetra Izy, mba ho Mpisoronabe mamindra fo sy mahatoky ny amin'Andriamanitra, mba hanaovany fanavotana noho ny heloky ny olona. Fa satria nalaimpanahy ny tenany tamin'ny fahoriana nentiny, dia mahavonjy izay alaim-panahy koa Izy*".

Ny apostoly Paoly dia nanampy hoe :

**✦Nasandratr'Andriamanitra indrindra ny Zanany ary nomeny "ny anarana izay ambony noho ny anarana rehetra"**

"*Aoka ho ao aminareo izao saina izao, izay tao amin'i Kristy Jesosy koa, Izay, na dia nanana ny endrik'Andriamanitra aza, dia tsy nataony ho zavatra hofikiriny mafy ny fitoviana amin'Andriamanitra, fa nofoanany ny tenany tamin'ny nakany ny endriky ny mpanompo sy ny nahatongavany ho manam-pitoviana amin'ny olona ; ary rehefa hita fa nanantarehy ho olona Izy, dia nanetry tena ka nanaiky hatramin'ny fahafatesana, dia ilay fahafatesana tamin'ny hazofijaliana. Koa izany no nanandratan'Andriamanitra Azy indrindra sy nanomezany Azy ny anarana izay ambony noho ny anarana rehetra, mba ho amin'ny anaran'i Jesosy no handohalehan'ny lohalika rehetra, na ny any an-danitra, na ny etỳ an-tany, na ny any ambanin'ny tany, sy haneken'ny lela rehetra fa Jesosy Kristy no Tompo ho voninahitr'Andriamanitra Ray*" (Filipiana 2. 5-11).

## ✦✦✦JESOSY DIA ANDRIAMANITRA✦✦✦

Momba izany, dia izao no nosoratan'ireo apostoly :

- "*Ary fantatsika fa tonga ny Zanak'Andriamanitra ka efa nanome antsika ny fahazavan-tsaina, mba ho fantatsika Ilay marina ; ary isika ao amin'Ilay marina, dia ao amin'i <u>Jesosy Kristy Zanany. Izy no Andriamanitra marina</u> sy fiainana mandrakizay*" (1 Jaona 5. 20).
- "*Ary iaraha-manaiky mihitsy fa lehibe ny zava-miafina ny amin'ny toe-panahy araka an'Andriamanitra, dia Ilay naseho teo amin'ny nofo, nohamarinina tao amin'ny Fanahy ; hitan'ny anjely, notorina tany amin'ny jentilisa, ninoana teny amin'izao tontolo izao, nakarina tamin'ny voninahitra*" (1 Timoty 3. 16).
- "*Izy no endrik'Andriamanitra tsy hita … Fa ao amin'ny tenany no itoeran'ny fahafenoan'ny fomban'Andriamanitra rehetra*" (Kolosiana 1. 15 ; 2. 9).

✦**Satria Andriamanitra ny Tompo Jesosy, ny apostoly Petera dia manamafy ny fahefany amin'ny zavatra rehetra,** Izy "*Izay eo amin'ny tànana ankavanan'Andriamanitra ; fa efa lasa ho any an-danitra Izy ka efa nampanekena Azy ny anjely sy ny fahefana ary ny hery*"
(1 Petera 3. 22).

## ✦✦✦MOMBA NY ANJELIN'I JEHOVAH✦✦✦

"*Ary Mosesy niandry ny ondry aman'osin'i Jetro rafozany, mpisorona tao Midiana, dia nitondra ny ondry aman'osy tany ankoatra ny efitra ka nankany Horeba, tendrombohitr'Andriamanitra. Ary Ilay Anjelin'i Jehovah niseho taminy teo anaty lelafo teo amin'ny roimemy anankiray ; dia nijery izy, ka, indro, nirehitra afo ny roimemy, kanefa tsy nahalevonana. Ary hoy Mosesy : Hivily kely aho ka hizaha io fahitana lehibe io, hahafantarako izay tsy ahalevonan'ny roimemy. Ary rehefa hitan'i Jehovah fa nivily hizaha izy, dia niantso azy tao afovoan' ny roimemy Andriamanitra ka nanao hoe : Ry Mosesy, ry Mosesy ! Dia hoy izy : Inty aho. Ary hoy Izy : Aza manakaiky etỳ ; esory ny kapanao amin'ny tongotrao, fa tany masina io ijanonanao io. Dia hoy koa Izy : Izaho no Andriamanitry ny razanao, dia Andriamanitr'i Abrahama sy Andriamanitr'Isaka ary Andriamanitr'i Jakoba. Dia nisaron-tava Mosesy, fa natahotra hijery an'Andriamanitra izy*" (Eksodosy 3. 1-6).

Azontsika tsoahina amin'izay voalaza eo ambony, fa Ilay Anjelin'i Jehovah dia fanehoan'Andriamanitra ny tenany : eto, Ilay Anjelin'i Jehovah dia Andriamanitra mihitsy.

"*Ny Anjelin'i Jehovah mitoby manodidina izay matahotra Azy ka mamonjy azy*" (Salamo 34. 7).

# NY ISAN'NY ANJELY

Ny Baiboly dia mampahafantatra amintsika fa maro dia maro izy ireo.

- Ny apostoly Jaona dia milaza hoe : "*Ary nahita aho sady nandre feon'anjely maro manodidina ny sezafiandrianana sy ny zava-manana aina ary ny loholona, ary ny isany dia alinalina sy arivoarivo, nanao tamin'ny feo mahery hoe : Ny Zanak'ondry, Izay novonoina, dia mendrika handray hery sy harena sy fahendrena sy faherezana sy haja sy voninahitra ary saotra*" (Apokalypsy 5. 11-12).

- Toy izao no ilazalazan'i Daniela ny fahitany an'Andriamanitra mipetraka eo amin'ny sezafiandrianany mba hitsara : "*Mbola nijery ihany aho mandra-pametraka ny sezafiandrianana, ary ny Fahagola no nipetraka teo, ny fitafiany dia fotsy toy ny fanala, ary ny volon-dohany toy ny volonondry madio ; ny sezafiandrianany dia lelafo, ary ny kodiany dia afo mirehitra. Ony afo no nivoaka sy nandeha avy teo anatrehany ; arivoarivo no nanompo Azy, ary alinalina no nitsangana teo anatrehany ; nipetraka ny Mpitsara, ary novelarina ny boky*" (Daniela 7. 9-10).

- Ny Hebreo 12. 22, 23 dia miresaka ihany koa ireo anjely tsy omby alinalina, toy ny amin'ny fihaonana fifaliana : "*Fa ianareo kosa efa mby eo an-tendrombohitra Ziona, tanànan'Andriamanitra velona, dia Jerosalema any an-danitra, ary ho ao amin'ny anjely tsy omby alinalina, amin'ny fihaonana fifaliana*".

- Amin'ny fiverenan'ny Tompo Jesosy am-boninahitra mba hitsara ireo fahavalony, dia hiseho eo afovoan'ireo anjeliny maro Izy, ireo olony masina tsy omby alinalina : "*Indro, tonga Jehovah mbamin'ny masiny tsy omby alinalina hitsara ny olona rehetra sy hampiaiky ny olona ratsy fanahy rehetra ny asan'ny haratsiam-panahy rehetra, izay nataony tamin'ny haratsiam-panahiny sy ny teny sarotra rehetra izay nitenenan'ny mpanota ratsy fanahy hanohitra Azy*" (Joda 14-15).

# NY AMBARATONGAM-PAHEFAN'IREO ANJELY

Ny Baiboly dia mampianatra antsika fa misy, eo amin'ireo anjely, toeram-boninahitra samihafa toy ny fiandrianana, fanapahana, fanjakana, fahefana.

Hoy ny apostoly Paoly : "*Eny, izaho, izay kely noho ny kely indrindra amin'ny olona masina rehetra, no nomena izao fahasoavana izao, dia ny hitory amin'ny jentilisa ny harenan'i Kristy tsy hita lany, ary ny hampahazava ny olona rehetra mba hahalalany izay fitondrana ny zava-miafina, dia ilay voàfina hatramin'ny nanaovana izao tontolo izao tao amin'Andriamanitra, Izay nanao ny zavatra rehetra ; <u>mba hampahafantarina ireo fanapahana sy fahefana any an-danitra amin'izao ankehitriny izao ny mahamaro samihafa ny fahendren'Andriamanitra amin'ny fitondrany ny fiangonana</u>, araka ny fikasana hatrizay hatrizay izay nataony tao amin'i Kristy Jesosy Tompontsika*" (Efesiana 3. 8-11).

Zavatra mahagaga ny mahalala fa tamin'ny alalan'ny Eglizy no nahafantaran'ny anjely ny mahamaro samihafa ny fahendren'Andriamanitra !

Ireo fiandrianana samihafa ireo dia noforonin'ny Tompo Jesosy, araka ny lazain'ity andininy ity : "*Fa tao aminy* (tao amin'i Jesosy) *no nahariana ny zavatra rehetra any an-danitra sy etỳ ambonin'ny tany, dia ny hita sy ny tsy hita, na fiandrianana, na fanjakana, na fanapahana, na fahefana, Izy no nahariana ny zavatra rehetra, sady ho Azy izany ; ary Izy no talohan'ny zavatra rehetra, sady ao aminy no aharetan'ny zavatra rehetra*" (Kolosiana 1. 16-17).

## *Ireo filaharana*

Ireo anjely dia toa voalahatra anaty sokajy samihafa.

Tsy dia lavorary ny fomba itanisana izany toy izao :

### ➲ Ireo arikanjely

Ambaran'ny Baiboly antsika ny anarana arikanjely iray : "**Mikaela**, anankiray amin'ireo andriana lehibe" amin'ny anjely.

Ao amin'izao tantara manaraka izao, ny arikanjely Mikaela dia miara-miasa amina anjely iray hafa, ho an'ny vahoaka Israely :

"*Ary, indro, nisy tànana nanohina ka nanarina ahy handohalika sy hitehin-tànana, nefa mbola nangozohozo ihany. Ary hoy izy tamiko : Ry Daniela malala ô, fantaro ny teny izay lazaiko aminao, ka mijoroa ; fa nirahina ho atỳ aminao aho ankehitriny. Ary nony nilaza izany teny izany tamiko izy, dia nitsangana nangozohozo teo aho.*

*Dia hoy izy tamiko : Aza matahotra, ry Daniela ; fa hatramin'ilay andro voalohany nampiasanao ny fonao hahalala sy hampahory ny tenanao teo anatrehan'Andriamanitrao dia reko ny teninao, ary noho ny teninao dia avy aho. Fa ilay andrianan'ny fanjakan'i Persia nanohitra ahy iraika amby roapolo andro ; fa indro kosa Mikaela, anankiray amin'ireo andriana lehibe, no tonga hanampy ahy ; ka dia izaho ihany no sisa nijanona teo amin'ny mpanjakan'i Persia. Ary avy hampahafantatra anao izay hanjo ny firenenao any am-parany aho, satria mbola hihatra amin'izany andro izany ny fahitana*" (Daniela 10. 10-14). Eto, ny arikanjely Mikaela dia aseho ho mpiaro ny vahoaka jiosy. Izao manaraka izao no manamarina izany : "*Ary amin'izany andro izany dia hitsangana Mikaela, andrian-dehibe, izay mitsangana hiaro ny zanaky ny firenenao ; ary hisy andro fahoriana, izay tsy nisy tahaka azy hatrizay nisian'ny firenena ka hatramin'izany andro izany ; ary amin'izany dia ho afaka ny firenenao, dia izay rehetra hita voasoratra ao amin'ny boky*" (Daniela 12. 1).

Ao amina trangan-javatra iray hafa, ny arikanjely Mikaela dia manohitra an'i Satana, momba ny fatin'i Mosesy : "*Fa Mikaela arikanjely aza, raha niady tamin'ny devoly ka nifanditra ny amin'ny fatin'i Mosesy, dia tsy sahy niteny ratsy hahameloka azy, fa hoy izy : Hananatra anao anie Jehovah*" (Joda 9).

Ary ao amin'ny Apokalypsy, ny arikanjely Mikaela dia hitarika ny anjely izay hiady amin'i Satana sy ny anjeliny, araka ny voasoratra hoe : "*Ary nisy ady tany an-danitra : Mikaela sy ny anjeliny niady tamin'ilay dragona ; ary ilay dragona mbamin'ny anjeliny kosa dia niady, nefa tsy naharesy, sady tsy nisy fitoerana ho azy intsony tany an-danitra.*

*Ary nazera ilay dragona, dia ilay menarana ela, izay atao hoe devoly sy Satana, izay mamitaka izao tontolo izao ; dia nazera tamin'ny tany izy, ary ny anjeliny koa niaraka nazera taminy. Dia nahare feo mahery tany an-danitra aho nanao hoe : Ankehitriny dia tonga ny famonjena sy ny hery sy ny fanjakan'Andriamanitsika, ary ny fahefan'ny Kristiny, satria nazera ilay mpiampanga ny rahalahintsika, dia ilay miampanga azy eo anatrehan'Andriamanitsika andro aman'alina. Ary izy ireo naharesy azy noho ny amin'ny ran'ny Zanak'ondry sy ny teny filazana Azy, ary tsy nankamamy ny ainy intsony izy, na dia ho faty aza. Ary noho izany mifalia, ry lanitra sy ianareo izay monina ao aminy. Loza ho an'ny tany sy ny ranomasina ! Fa nidina ho aminareo ny devoly sady manana fahatezerana lehibe, satria fantany fa kely sisa ny androny*" (Apokalypsy 12. 7-12).

### ➲ Ireo kerobima

Ireo kerobima dia anjely mampihatra ny didim-pitsaran'Andriamanitra, mba hitandrovana ny fahamasinany.

Ohatra, tao amin'ny saha Edena, taorianan'ny tsy fankatoavan'i Adama sy Eva, ny kerobima dia niambina ny lalana mankany amin'ny hazon'aina. Tsy tian'Andriamanitra ny hihinanan'i Adama sy Eva amin' io hazo io, ka ho velona mandrakizay eto an-tany izy ireo, nefa mpanota. Teo izany ny kerobima mba hitandrina ny fanatanterahana izany didy izany.

Koa vakiantsika hoe : "*Ary hoy Jehovah Andriamanitra : Indro, ny olona efa tonga tahaka ny anankiray amintsika ka hahalala ny tsara sy ny ratsy ; ary ankehitriny, andrao haninjitra ny tànany izy, ka hakany koa ny hazon'aina, ary hohaniny, ka ho velona mandrakizay izy ; ka dia nesorin'i Jehovah Andriamanitra tamin'ny saha Edena izy hiasa ny tany izay nanalana azy. Eny, noroahiny ny olona ; ary nampitoeriny tany atsinanan'ny saha Edena <u>ny kerobima sy ny lelafon'ny sabatra mihebiheby hiambina ny làlana mankany amin'ny hazon'aina</u>*" (Genesisy 3. 22-24).

Ny kerobima izay niambina ny lalana mankany amin'ny hazon'aina dia natao teo, mba hilazana amintsika fa ny olona mpanota dia tsy afaka manana ny ain'Andriamanitra, ny fiainana mandrakizay.

Ohatra hafa, ao amin'ny tabernakely :

- "*Ary manaova efitra lamba manga sy volomparasy sy mena ary rongony fotsy madinika voahasina ; <u>kerobima, asan'ny mpanenona mahay, no hataonao sorany</u>. Ary ahantòny amin'ny andry hazo akasia efatra izay voapetaka takela-bolamena izy ; ho volamena koa ny fihantonany ; ary eo amin'ny faladia volafotsy efatra no hiorenany. Ary ny efitra lamba dia ataovy eo ambanin'ny farango ; ary ampidiro ao anatin'ny efitra lamba ny fiaran'ny Vavolombelona ; ary <u>ny efitra lamba no hampisaraka ny fitoerana masina sy ny fitoerana masina indrindra ho anareo</u>. Ary ny rakotra fanaovam-panavotana dia ataovy eo ambonin'ny fiaran'ny Vavolombelona eo amin'ny fitoerana masina indrindra*" (Eksodosy 26. 31-34). Ny kerobima dia natao soratra teo amin'ny efitra lamba izay miambina ny fidirana ho ao amin'ny fitoerana masina indrindra. Io fitoerana masina indrindra io dia misy ny fanatrehan'Andriamanitra, izay tsy azon'ny olona hatonina, amin'ny maha mpanota azy. Izany no maha eo ny kerobima, eo amin'ny efitra lamba, mba hiambina ny fidirana.

- Ao amin'io fitoerana masina indrindra io no misy ny fiaran'ny Vavolombelona, ary teo amin'ny rakony dia nisy kerobima. "*Ary manaova rakotra fanaovam-panavotana amin'ny volamena tsara : roa hakiho sy sasany ny lavany, ary iray hakiho sy sasany ny sakany. Ary manaova <u>kerobima volamena roa</u> ; voasana no hanaovanao azy roa ho eo amin'ny sakany roa amin'ny rakotra fanaovam-panavotana. Ny kerobima iray ataovy indray mivofy amin'ny sakany anankiray, ary ny kerobima iray kosa amin'ny sakany anankiray : indray mivofy amin'ny rakotra fanaovam-panavotana no hanaovanareo ny kerobima roa, dia amin'ny sakany roa. Ary aoka hivelatra eo ambony ny elatry ny kerobima, mba hanalofan'ny elany ny rakotra fanaovam-panavotana ; ary ny tavany hifanatrika, sady hanatrika ny rakotra fanaovam-panavotana koa izy.*

*Ary apetraho eo ambonin'ny fiara ny rakotra fanaovam-panavotana ; ary ao anatin'ny fiara no asio ny Vavolombelona izay homeko anao. Ary ao no hihaona aminao Aho, ka ao ambonin'ny rakotra fanaovam-panavotana no hitenenako aminao, dia ao anelanelan'ny kerobima roa, izay eo ambonin'ny fiaran'ny Vavolombelona, ka holazaiko izay rehetra handidiako anao holazainao amin'ny Zanak'Israely*" (Eksodosy 25. 17-22).

Ny kerobima izay manaloka amin'ny elany "*ny rakotra fanaovam-panavotana"* dia mampahatsiahy antsika indray fa tsy azon'ny olona atao ny manatona an'Andriamanitra, amin'ny toetra maha mpanota azy. Nefa, indray mandeha isan-taona, ny mpisoronabe dia mahazo miditra ao anaty efitra lamba, satria mitondra ny ran'ny fanatitra izay nandidian'Andriamanitra hoentina. Io ra io dia apetraka eo amin'ny rakotry ny fiara : miresaka amintsika momba ny ran'i Kristy izany, ra izay ahazoan'ny mpino miditra eo amin'ny fanatrehan'Andriamanitra mihitsy. Araka izany, "*miditra mandrakariva eo amin'ny tabernakely voalohany ny mpisorona hanefa ny fanompoam-pivavahana. Fa ny faharoa kosa no idiran'ny mpisoronabe irery ihany indray mandeha isan-taona ; ary izy aza dia tsy miditra, raha tsy mitondra ra, izay ateriny noho ny amin'ny tenany sy ny fahadisoana nataon'ny olona amin'ny tsy fahalalana ; koa izany no anambaran'ny Fanahy Masina fa tsy mbola voaseho ny làlana mankany amin'ny fitoerana masina indrindra, raha mbola ao ihany ny tabernakely voalohany ; fanoharana izany amin'izao andro ankehitriny izao, ary araka izany no anaterana fanomezana sy fanatitra, izay tsy mahatanteraka ny mpivavaka ny amin'ny fieritreretana (fa naman'ny zavatra hohanina sy ny zavatra hosotroina sy ny fanasana samihafa), dia fitsipika araka ny nofo, voatendry hatao mandra-piavin'ny andro fanovana.*

> *Fa Kristy kosa, rehefa tonga ho Mpisoronabe ny amin'ny zavatra tsara ho avy, dia namaky teo amin'ny tabernakely lehibe lavitra sady tsara lavitra, izay tsy nataon-tànana, izany hoe, tsy isan'izao zavatra ary izao, ary tsy mba nitondra ran'osilahy sy ran-janak'omby Izy, fa ny ran'ny tenany, dia niditra indray mandeha ho any amin'ny fitoerana masina ka nahazo fanavotana mandrakizay. Fa raha ny ran'osilahy sy ny ran'ombilahy ary ny lavenom-bantotr'ombivavy afafy amin'izay voaloto no manamasina hatramin'ny fanadiovana ny nofo, mainka fa ny ran'i Kristy, Izay nanatitra ny tenany tsy manan-tsiny ho an'Andriamanitra, tamin'ny alalan'ny Fanahy mandrakizay, no hahadio ny fieritreretanareo ho afaka amin'ny asa maty mba hanompoanareo an'Andriamanitra velona*" (Hebreo 9. 6-14).

### ➲ Ireo serafima

Izy ireo dia toa mifamatotra amin'ny fiderana. Toy izao no nilazalazan'i Isaia azy ireo tamin'ny fahitany : "*Tamin'ny taona nahafatesan'i Ozia mpanjaka no nahitako ny Tompo nipetraka teo ambonin'ny sezafiandrianana avo sady manerinerina, ary ny ebaneban'akanjony nahafeno ny tempoly. Nisy serafima nitsangana teo amboniny, samy nanana elatra enina avy ; ny roa nanaronany ny tavany, ny roa nanaronany ny tongony, ary ny roa nanidinany. Ary nanandratra ny feony izy ka nifamaly hoe, masina Jehovah, Tompon'ny maro ; heniky ny voninahiny ny tany rehetra*" (Isaia 6. 1-3).

✦Ny Baiboly dia manonona ihany koa anjely iray hafa : **Gabriela**, izay iraka mitondra vaovao mahafaly.

Nirahin'Andriamanitra tany amin'i Zakaria izy, mba hanambara ny hahaterahan'ny zanany, dia i Jaona, izay tsy maintsy hanomana ny lalan'ny Mesia Mpamonjy. "*Ary ilay anjely namaly ka nanao taminy hoe : Izaho no Gabriela, izay mitsangana eo anatrehan'Andriamanitra ; ary nirahina hiteny aminao aho ka hilaza aminao izany teny mahafaly izany*" (Lioka 1. 19).

Io anjely Gabriela io ihany no nalefa tany amin'i Maria, mba hilaza aminy fa ho renin'ny Mesia Mpamonjy izy : "*Ary tamin'ny fahenimbolana dia nirahin'Andriamanitra ny anjely Gabriela ho any an-tanàna anankiray any Galilia atao hoe Nazareta, ho any amin'ny virijina anankiray, izay voafofo ho vadin'ny lehilahy atao hoe Josefa, avy tamin'ny taranak'i Davida ; ary ny anaran'ny virijina dia Maria.*" (Lioka 1. 26-33).

## KARAZAN'ANJELY ROA MIFANOHITRA

### *Ireo izay tsy nanota ary antsoina hoe "anjely voafidy"*

Hoy ny apostoly Paoly tamin'i Timoty : "*Mananatra anao mafy aho eo anatrehan'Andriamanitra sy Kristy Jesosy ary ny <u>anjely voafidy</u> mba hotandremanao izany zavatra izany, tsy manao olon-tiana, na manao na inona na inona amin'ny fiangarana*" (1 Timoty 5. 21).

### *Ireo izay nanota :*

➲ **Etsy andaniny, Satana, izay antsoina ihany koa hoe ny devoly, sy ireo anjely nanaraka azy tamin'ny fahalavoany**

Ao amin'ny Ezekiela 28. 11-19 dia fantatsika, asehon'ny sarin'ny mpanjakan'i Tyro, hoe iza i Satana talohan'ny fahalavoany, ary inona ny antony nahalavo azy : "*Ary tonga tamiko ny tenin'i Jehovah nanao hoe : Ry zanak'olona, manaova hira fahalahelovana ny amin'ny mpanjakan'i Tyro, ka lazao aminy hoe : Izao no lazain'i Jehovah Tompo : Ry ilay mahatanteraka ny rafitra tsara tarehy tonga marika sady feno fahendrena no tena tsara tarehy, tany Edena, sahan'Andriamanitra, ianao ; ny vatosoa rehetra no eloelo teo amboninao, dia ny karneola, ny topaza, ny onyksa, ny krysolita, ny beryla, ny jaspy, ny safira, ny robina, ny emeralda ary ny volamena ; ny fampanenoana ny ampongatapakao sy ny sodinao dia tao aminao, tamin'ny andro namoronana anao dia natao koa ireo. Ianao dia kerobima voahosotra izay manaloka, fa voatendriko ianao ; tao an-tendrombohitra masin'Andriamanitra ianao ; tao amin'ny vato mirehitra no nitsangantsangananao.*

*Tsy nanan-tsiny ianao tamin'ny nalehanao hatramin'ny andro namoronana anao ka mandra-pahita heloka tao aminao. Noho ny habetsahan'ny varotra nataonao dia nofenoina loza tao aminao, ka nanota ianao ; ary dia nolotoiko ka nariako niala tamin'ny tendrombohitr' Andriamanitra ianao, ary nosimbako ianao, ry kerobima manaloka, hiala tao amin'ny vato mirehitra. Niavonavona ny fonao noho ny hatsaran-tarehinao ; efa nahasimba ny fahendrenao mbamin'ny famirapiratanao ianao ; nazerako eny an-tany ianao sady natolotro ho fitalanjonan'ireo mpanjaka, noho ny haben'ny helokao tamin'ny tsy fahamarinan'ny varotrao, dia voalotonao ny fitoeranao masina ; koa izany no hamoahako afo avy ao aminao handevona anao, ary hataoko tonga lavenona eny ambonin'ny tany ianao eo imason'izay rehetra mijery anao. Ny firenena rehetra izay mahalala anao dia ho gaga anao ; ho tonga fampitahorana ianao ary tsy ho ao intsony mandrakizay*".

Satana izany dia "*kerobima voahosotra*", izany hoe voatokana mba ho mpiambina ny fahamasinan'Andriamanitra, saingy nahavery azy ny avonavona !

Ao amina kisarisary hafa, ny avonavon'i Satana sy ny fahalavoany dia nambara toy izao : "*Endrey ! latsaka avy tany an-danitra ianao, ry ilay fitarikandro, zanaky ny maraina ; voakapa hianjera amin'ny tany ianao, ry ilay mpandripaka firenena. <u>Ary ianao efa nanao anakampo hoe : Any an-danitra no hiakarako, ary ambonin'ny kintan'Andriamanitra no hanandratako ny sezafiandrianako</u> ; dia hipetraka eo antendrombohitra fivoriana any am-parany avaratra aho ; hiakatra ho any ambonin'ny havoanan'ny rahona aho ka <u>ho tahaka ny Avo Indrindra</u> ; kanjo hampidinina hatrany amin'ny fiainan-tsy hita ho any amparavodilavaka ianao*" (Isaia 14. 12-15).

### ✦Satana

- Toy izao ny filazan'i Jesosy azy : "*Izy dia mpamono olona hatramin'ny taloha, ary tsy nitoetra tamin'ny marina, satria tsy misy marina aminy. Raha mandainga izy, dia ny azy no lazainy, satria mpandainga izy sady rain'ny lainga*" (Jaona 8. 44).

- Ny anjaran'i Satana dia ny hatsipy any amin'ny farihy afo sy solifara : "*Ary ny devoly izay namitaka azy dia natsipy tany amin'ny farihy afo sy solifara, izay misy ilay bibidia sy ilay mpaminany sandoka koa, ary hampijalina andro aman'alina mandrakizay mandrakizay ireo*" (Apokalypsy 20. 10).

**✦Momba ireo anjely izay nanaraka an'i Satana**

Izy ireo dia tsy inona fa demonia, izay miasa mafy, toa an'i Satana mihitsy. Hita izany ao amin'ny valinteny nataon'i Satana tamin' Andriamanitra : "*Dia hoy Jehovah tamin'i Satana : Avy taiza ianao ? Dia namaly an'i Jehovah Satana ka nanao hoe : Avy nizahazaha teny amin'ny tany aho ka nivezivezy teny*" (Joba 1. 7).

Marina fa fony tetỳ an-tany ny Tompo Jesosy, dia tena niasa fatratra tokoa i Satana sy ny demonia —hitantsika izany amin'ny hamaron'ireo demoniaka nifanena tamin'i Jesosy—, kanefa mbola toy izany koa izy ireo ankehitriny, ao amin'ireo izay mandà tsy hino ny Tompo Jesosy, ary antsoina hoe "*zanaky ny tsy fanarahana*". Ho an'ireo mpino, ireo izay manana fiainam-baovao ao amin'i Kristy, ny apostoly Paoly dia mampahatsiahy izao : "*Ary ianareo dia efa novelominy, fony mbola matin'ny fahadisoanareo sy ny fahotanareo, izay nalehanareo fahiny, araka ny fomban'izao tontolo izao, araka ny mpanapaka ny fanjakana eny amin'ny rivotra, dia ny fanahy izay miasa ankehitriny ao anatin'ny zanaky ny tsy fanarahana ; teo amin'ireo no nitondrantsika rehetra tena koa fahiny tamin'ny filan'ny nofontsika, ka nanaovantsika ny danin'ny nofo sy ny saina ; ary araka ny toetrantsika dia zanaky ny fahatezerana toy ny sasany koa isika*" (Efesiana 2. 1-3).

**✦ Zava-miafina izao : Andriamanitra dia mamela an'i Satana hikasika zanak'Andriamanitra iray, mba hahatrarany tanjona manokana iray !**

Momba izany dia hoy ny apostoly Paoly : "*Ary fandrao hirehareha noho ny habetsaky ny fanambarana aho, dia <u>nasiana tsilo tamin'ny nofo, dia irak'i Satana hamely ahy, fandrao hirehareha aho</u>. Izany no nangatahako intelo tamin'ny Tompo, mba hialan'izany amiko. Nefa hoy Izy tamiko : Ampy ho anao ny fahasoavako ; fa ny heriko dia tanterahina*

*amin'ny fahalemena. Koa mainka sitrako ny hirehareha amin'ny fahalemeko, mba hitoeran'ny herin'i Kristy amiko*" (2 Korintiana 12. 7-9).

➲ **Etsy ankilany, "*ny anjely izay tsy nitana ny anjara fanapahany, fa nandao ny fonenany*"**
Izy ireo dia ny anjely lazaina ao amin'ny Genesisy 6. 1-8 :

"*Ary raha vao nihamaro ny olona tambonin'ny tany ka niteraka zazavavy maro, dia hitan'ny zanak'Andriamanitra fa tsara tarehy ny zanakavavin'ny olona ; ka dia nifidy vady ho azy tamin'izy rehetra araka izay tiany izy. Ary hoy Jehovah : Tsy mba hanapaka mandrakariva ao amin'ny olona ny Fanahiko, fa amin'ny faniavany dia nofo izy ; nefa ho roapolo amby zato taona ny androny. Ny Nefilima nitoetra tambonin' ny tany tamin'izany andro izany, sy taorian'izany koa, raha nivady tamin' ny zanakavavin'ny olona ny zanak'Andriamanitra ka niterahany ; ireo no ilay olo-mahery hatrizay ela izay, dia ny lehilahy nanan-daza.*

*Ary hitan'i Jehovah fa be ny faharatsian'ny olona tambonin'ny tany, ka izay fisainana rehetra avy amin'ny fony dia ratsy ihany mandritra ny andro. Ary Jehovah nanenina noho ny nanaovany olona tambonin'ny tany, ka nalahelo ny fony.*

*Dia hoy Jehovah : Haringako tsy hisy ambonin'ny tany ny olona izay noforoniko, hatramin'ny olona ka hatramin'ny biby fiompy sy ny biby mandady na mikisaka mbamin'ny voromanidina ; fa manenina Aho noho ny nanaovako azy. Fa Noa kosa nahita fitia teo imason'i Jehovah*".

Momba ireo anjely ireo, dia hoy i Joda : "*Ary ta hampahatsiaro anareo aho, na dia efa fantatrareo rahateo aza ny zavatra rehetra, fa rehefa novonjen'ny Tompo ho afaka tany Egypta ny olona, dia naringany ihany tao aorian'izany izay tsy nino. Ary ny anjely izay tsy nitana ny anjara fanapahany, fa nandao ny fonenany, dia voahazony amin'ny fatorana mandrakizay ao amin'ny maizina ho amin'ny andro fitsarana lehibe*" (Joda 5-6).

✦ **Fanamarihana :**

- Ireo anjely izay *tsy nitana ny anjara fanapahany* ireo, dia efa nogadraina sy notehirizina ao an-davaka maizina mba hotsaraina. Manamafy izany ny apostoly Petera hoe : "*Tsy navelan'Andriamanitra ny anjely fony nanota, fa noroahiny ho any amin'ny helo ka natolony ho ao an-davaka maizina mba hotehirizina ho amin'ny fitsarana*" (2 Petera 2. 4).

- Ireo anjely ireo dia tsy tokony hafangaro amin'i Satana sy ireo anjely nanaraka azy : ireo dia mbola mandehandeha any, nefa mihorohoro sahady, mieritreritra nyandro hitsarana azy ireo sy hanipazana azy any amin'ny afo maharitra mandrakizay. Mampiseho izany horohoron'ny demonia izany izao tranga manaraka izao : "*Ary nony tonga teny ampita teo amin'ny tanin'ny Gadarena Izy, dia nifanena taminy ny demoniaka roa lahy, nivoaka avy teny amin'ny fasana, sady masiaka loatra, ka tsy nisy olona nahazo nandalo tamin'izany làlana izany. Ary, indro, niantso izy ka nanao hoe : Moa mifaninona akory izahay sy Ianao, ry Zanak'Andriamanitra ô ? Tonga etỳ va Ianao hampijaly anay alohan'ny fotoana ?* " (Matio 8. 28-29).

Noho izany, na dia mbola tsy nogadraina aza ireo anjely nanaraka an'i Satana ireo, ny hoaviny dia ny afo maharitra mandrakizay, fantatra amin'ny anarana hoe helo : "*... ho any amin'ny afo maharitra mandrakizay, izay voavoatra ho an'ny devoly sy ny anjeliny*" (Matio 25. 41).

# FEHINY

***Ny Baiboly dia milaza ankohonana roa miavaka :***

- **ny zanak'Andriamanitra**
- **sy ny zanaky ny devoly**

"*Izany no mampiseho miharihary izay zanak'Andriamanitra sy izay zanaky ny devoly. Tsy mba avy amin'Andriamanitra izay rehetra tsy manao ny marina sy izay tsy tia ny rahalahiny. Fa izao no teny nampitondraina izay efa renareo hatramin'ny voalohany : tsy maintsy mifankatia isika —tsy mba tahaka an'i Kaina, izay avy tamin'ilay ratsy ka namono ny rahalahiny. Ary nahoana no namono azy izy ? Satria ratsy ny asany, fa marina ny an'ny rahalahiny*" (1 Jaona 3. 10-12).

**Ianao izay mamaky ireto pejy ireto, iza ny ankohonanao ?**

***Ny Baiboly dia milaza ihany koa fanjakana roa miavaka :***

- **ny fanjakan'i Kristy :** Raha niseho teo anoloan'i Pilato ny Tompo Jesosy dia niteny hoe : "*Ny fanjakako tsy avy amin'izao tontolo izao ; fa raha mba avy amin'izao tontolo izao ny fanjakako, dia ho niady ny mpanompoko, mba tsy ho voatolotra tamin'ny Jiosy Aho ; nefa ankehitriny tsy avy amin'izany ny fanjakako*" (Jaona 18. 36).

- **ny fanjakan'ny devoly :** "*Ho foana ny fanjakana rehetra izay miady an-trano ; ary tsy haharitra ny tanàna rehetra, na ny trano, izay miady an-trano. Ary raha Satana no mamoaka an'i Satana, dia miady an-trano izy ; ka ahoana no haharetan'ny fanjakany ?*" (Matio 12. 25-26).

**Fanjakana inona no misy anao ?**

**Fanamarihina :**

✦ **Ny afo maharitra mandrakizay** dia nomanina ho an'ny devoly sy ny anjeliny, nefa dia marobe ireo olona hiara-hizaka izany anjara izany aminy, araka ny fanambaran'ny Tompo Jesosy hoe : "*Ary dia hilaza indray amin'izay eo amin'ny ankaviany kosa Izy hoe : Mialà amiko, ianareo izay voaozona, ho any amin'ny afo maharitra mandrakizay, izay voavoatra ho an'ny devoly sy ny anjeliny*" (Matio 25. 41).

**Ianao, afaka miala tsy ho any amin'ny afo maharitra mandrakizay miaraka amin'ny devoly sy ny anjeliny.**

**Amin'ny fomba ahoana ?**

- Miaiky ny toera-pahaverezana misy anao,
- Mahatsapa avy eo fa tsy afaka mamonjy ny tenanao samirery,
- Mitodika amin'Andriamanitra, mba hanaiky sy hiaiky ny fahotana nataonao : izany no atao hoe mibebaka,
- Manaiky ny fomba atolotr'Andriamanitra hamonjena anao : Jesosy maty nisolo anao ary nitsangana tamin'ny maty.

"*Fa toy izao no nitiavan'Andriamanitra izao tontolo izao : nomeny ny Zanany Lahitokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana fiainana mandrakizay. Fa Andriamanitra tsy naniraka ny Zanaka ho amin'izao tontolo izao hanameloka izao tontolo izao, fa mba hamonjeny izao tontolo izao. Izay mino Azy dia tsy helohina ; fa izay tsy mino kosa dia efa voaheloka rahateo, satria tsy nino ny anaran'ny Zanaka Lahitokan'Andriamanitra izy. Ary izao no fanamelohana, fa tonga amin'izao tontolo izao ny mazava, nefa aleon'ny olona ny maizina toy izay ny mazava, satria ratsy ny asany. Fa izay rehetra manao ratsy dia mankahala ny mazava sady tsy manatona ny mazava, fandrao hita miharihary ny asany. Fa izay manao ny marina kosa dia manatona ny mazava, mba haseho ny asany, fa atao amin'Andriamanitra izany*" (Jaona 3. 16-21).

## Anio ianao dia afaka ho tonga zanak'Andriamanitra

Ho amin'izany, dia henoy izay lazain'ny Baiboly aminao :

- "*Tsy hamarinina amin'ny asan'ny lalàna ny olona, fa amin'ny finoana an'i Jesosy Kristy, … satria tsy misy nofo hohamarinina amin'ny asan'ny lalàna*" (Galatiana 2. 16).
- "*… Izay rehetra mino* [dia] *hamarinina maimaimpoana amin'ny fahasoavany ... noho ny fanavotana izay ao amin'i Kristy Jesosy*" (Romana 3. 22, 24).
- "*Koa amin'izany, satria efa nohamarinina tamin'ny finoana isika, dia aoka isika hanana fihavanana amin'Andriamanitra amin'ny alalan'i Jesosy Kristy Tompontsika*" (Romana 5. 1).
- "*Raha manaiky an'i Jesosy ho Tompo amin'ny vavanao ianao ary mino amin'ny fonao fa Andriamanitra efa nanangana Azy tamin' ny maty, dia* ***hovonjena ianao****. Fa amin'ny fo no inoana hahazoana fahamarinana, ary amin'ny vava no anekena hahazoana famonjena. Fa hoy ny Soratra Masina : 'Tsy ho menatra izay rehetra mino Azy'* " (Romana 10. 9-11).

✦✦✦"***Ary amin'izany dia tokony hotandremantsika mafimafy kokoa izay efa rentsika, fandrao hindaosina hiala aminy isika.***

*Fa raha mafy ny teny izay nampilazaina ny anjely, ka samy voavaly marina avokoa ny fahadisoana rehetra mbamin'ny fahotana, hataontsika ahoana no fandositra, raha tsy mitandrina izao famonjena lehibe izao isika ? dia ilay nampilazaina ny Tompo tamin'ny voalohany, ary nohamafisin'izay nandre tamintsika kosa*" (Hebreo 2. 1-3).

# Ny anjely

Iza moa ireo anjely ? Iza no namorona azy ? Ahoana ny toetoetrany ? Aiza ny fonenany ? Firy ny isany ? Ahoana ny endrika isehoany ? Inona no mampiavaka azy ? Inona no tsy mampitovy azy amin'ny olombelona ? Inona no tanjona hifandraisany amin'ny zanak'olombelona ? Inona ny fihetsika tsy tokony hataon'ny olombelona, manoloana ny anjely ?

Mamaly ireo fanontaniana ireo ny famelabelarana ato amin'ity boky ity, famelabelarana tsy mifototra afa-tsy amin'ny Baiboly, izay Tenin'Andriamanitra.